Rajoelina ninia naka zom-pirenena Frantsay 2
**Nitory eny amin'ny HCC i Hajo sy ny HVM**

Fitondrana Rajoelina 6
**Te ho deraina amin'ny medaly volamena, tsy mazava ny volamena very**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Romy Voos Andrianarisoa 3
**Nandà ny fiampangana azy, miverina any am-ponja hatramin'ny 6 febroary 2024**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 9 septambra 2023 Laharana 1471 Vidiny : 600 Ar


Miala Rajoelina 2
## Anio ny fotoana, veloma tsy ho tafaverina intsony

# J- 0 (Jour J)

Filoha Ravalomanana 2
## Firaisankinam-pirenena, fanavotana an'i Madagasikara ny MAP Plus



Aleo Resahana, Anao ny sehatra. TV Record 3
## Ho vahiny voalohany anio ny gazety Ny Valosoa sy ny Free FM




Annick Ratsiraka sy ny Arema 2
## Maro ireo tonga nihaona taminy tany Antsiranana sy Anivorano Nord




**Radio Fahazavana** 6
13 taona lasa izay no nanagadrana ireo mpiasa 10 tao aminy

**Foire internationale de l'agriculture** 7
Hatao ny 21-24 septambra eny Tanjombato

**Daka kely**



Bye, bye amin'izay ialahy ry Boaikely fa tonga ny fotoana a !

FILOHA RAVALOMANANA

# Firaisankinam-pirenena, fanavotana an'i Madagasikara ny MAP Plus

Fanavotana an'i Madagasikara ny MAP Plus hoy ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nambarany fa :''nifampizara ireo Vina na Vision ao anatin'ny MAP Plus isika kanefa raha tiantsika ny hanatrarana ireo tanjona ireo dia izao no lalan-kizorantsika rehetra: ho kolokolointsika sy ho arovantsika ny tontolo iainana. Homentsika lanja manokana ny fananantsika kolontsaina sy fomba nentim-paharazana maro samihafa. Hirehareha amin'ny maha Malagasy antsika isika, hitambatra ho iray anatin'ny firaisankinam-pirenena. Hiasa hiaraka isika satria firenena iray.'' Ankoatra izany, milaza ihany koa izy fa :''miompana tanteraka amin'ny fijerena akaiky sy haingana ny olona manontolo sy ny maha-olona manontolo ny paikady sy ireo tetikasa rehetra ao anatin'ny MAP Plus. Tsy misy firenena mandroso mantsy raha toa ka tsy manana ny hasiny, ny hajany ary ny maha-izy azy ny olom-pirenena ao aminy, na eo amin'ny lafiny ara-pivelomana izany, na eo amin'ny lafiny famokarana, na eo amin'ny lafiny arapahasalamana, na eo amin'ny lafiny fanabeazana, fa indrindra eo amin'ny andavanandrom-piainany manontolo. Manangana fotokarena na Capital ho an'ny firenentsika ny MAP Plus ary laharam-pahamehana ho antsika ny fotokarena maha olona na Capital humain.'' Ny tanjona amin'ity vinam-piarahamonina ity, ho lasa Firenena miroborobo i Madagasikara, hanana toekarena misondrotra haingana i Madagasikara, hahita fahombiazana amin'ny fifaninanana eo anivon'ny tsena iraisam-pirenena ny firenentsika.

*Isambilo*



*Ny filoha Marc Ravalomanana.*

Rajoelina ninia naka zom-pirenena Frantsay

# Nitory eny amin'ny HCC i Hajo sy ny HVM




*Mitodika etsy Ambohidahy ny mason'ny rehetra anio.*

Tantara mitohy ny mahakasika ny firotsahan-kofidian'ny filoha Andry Rajoelina, sy izy ninia naka zom-pirenena Frantsay ka maha very ny fizakany ny zom-pirenena Malagasy. Noho izay antony izay, sy noho izao ho fiatrehana fifidianana izao. Nametraka fitoriana teny amin'ny HCC, Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny kandidan'ny MMM, Hajo Andrianainarivelo omaly, satria manitsakitsaka ny lalàna velona ny mbola hilatsahan'Andriamatoa Andry Rajoelina ho fidiana. Toy izany koa, mangataka ny fanafoanana ny firotsahan-kofidian'i Andry Rajoelina teny amin'ny HCC koa ny avy amin'ny antoko HVM. Namafisin'ny HVM fa tsy mahafeno ny fepetra takian'ny lalàna ity kandidà ity.

*Ny Valosoa*

Annick Ratsiraka sy ny Arema

# Maro ireo tonga nihaona taminy tany Antsiranana sy Anivorano Nord

Natomboka tany Antsiranana faritra Diana ny 03 septambra teo, tao amin'ny Hotel de la Poste, ny fihaonan'ny kandida filohampirenena Annick Ratsiraka sy ireo mpikambana amin'ny birao politikan'ny antoko Arema. Feno hipoka ny trano nanaovana ny fivoriana.

Maro ny vehivavy Arema nanatrika tao sy ny tanora ary ireo mpikatroka Arema tranainy. Nafana ny fihaonana izay nafanain'ny vehivavy Arema marobe. Ny hariva dia nandeha tany Anivorano Nord ny delegasionina notarihan' ny kandidan'ny antoko Arema Annick Ratsiraka.




*Ny kandidà Annick Ratsiraka tany Avaratra.*

Nisy fahatarana ora 2 ny fihaonana tao nefa niandry tao daholo ny olona marobe hanatrika ny fihaonana tamin'ny antoko Arema. Nisy ny dia antongotra 1km nankany amin'ny espace nanaovana ny fivoriana. Feno hipoka ihany koa ny trano ary maro be ny olona nitsangana nanatrika ny fihaonana.

Nisy ny fihainoana ny hetahetan'ny olona tahaka ny fanaon'ny antoko Arema isaky ny mitsidika azy ireo.

*Isambilo*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Miala Rajoelina. J- 0 (Jour J)

## Anio ny fotoana, veloma tsy ho tafaverina intsony

Ny zava-misy eto amin'ny firenena izany izao, dia ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina dia vazaha frantsay, ny Ben'ny tanàna amin'ny renivohitr'i Madagasikara vazaha ihany koa. Ka dia inona izany fa miaina amin'ny faha-tany vazaha, faha-fitondrana vazaha ny firenena malagasy, ary efa ho 10 taona izao no nisian'izany. Zary miverina tanteraka araka izany ny endri-panjanahantany satria olon'ny frantsay no mitondra sy efa nitondra ny firenena tao anatin'ny dimy taona izay, ary miseho amin'ny endriny vaovao satria ilay vahoaka malagasy no nofitahana nifidy azy. Tsy ny vahoaka malagasy iray manontolo aloha no nifidy azy, fa ampahana vahoaka ihany. Natao avokoa ny fomba rehetra nampandaniana azy tamin'ny taona 2018. Nisy firaisana tsikombakomba ratsy tao anatin'izany tamin'izany, satria dia nangina sy ninia nikimpy hatramin'ny filohan'ny HCC tamin'izany fotoana izany tsy hamoaka ny tena marina ho fantatry ny vahoaka malagasy.

Manamafy izay maha-tany vazaha ny tany sy ny fanjakana izay ary ny endri-panjanahana vaovao ampiharina ankehitriny, dia ny fisian'ny « tafibahoaka » na tafi-panjakana, fa manahirana ihany ankehitriny no ilazana azy hoe mpitandro filaminana, manerana ny faritra maro eto an-drenivohitra. Mampahatsiahy ny tantara nitranga tamin'ny 28-29 Martsa 1947 ny zava-misy ankehitriny. Nambaran'ireo ray aman-dreny niaina tamin'izany fotoana izany, izay nanontaniana, fa feno na rakotra miaramila frantsay nanerana ny renivohitra, sy nivezivezy eran'ny tanàna, tsy nahafahana nihetsika. Inona no mahasamihafa izany amin'ny ankehitriny ? Mitovy tanteraka ny fomba atao, ary mbola ratsy lavitra kokoa aza ny amin'izao. Manaporofo izany ny fisakanana nataon'ireo tafi-panjakana ireo ny fikasana saika ataon'ireo avy amin'ny fanoherana na ireo kandidà hanao fanambarana miaraka teny Mandrimena sy teny amin'ny By-pass. Maneho mazava tsara ny zava-misy, fa fomba fiasan'ny mpanjanatany frantsay, no ampiharin'ny fitondrana ankehitriny. Iray manampy izany ihany koa ny fampizarazarana ny Malagasy, fa tsy misy finiavana fampiraisan-kina. Maneho izany ny tsy firahirahiana nandritry ny dimy taona naha teo amin'ny fitondrana azy, ireo gadra politika sy ny fitakiana nataon'izy ireo. Tsy norahirahiana ny fanonerana azy ireo ary nodiana tsy hita izy ireo. Niharihary ihany koa ny fanilihana ankolafin'olona na ampahana vahoaka izay tsy nomba sy nanohana azy. Porofo mitohoka amin'ny tendany ireny rehetra ireny. Politika vazaha mpanjanatany izany amin'ny fizarazarana hanjakana, ary ambaniana ny fampiraisankinan'ny vahoaka.

Ho hatraiza ity fomba fiasa faha- fitondrana vazaha frantsay izao? Misy fetrany ny zava-drehetra, indrindra ny fotoana itondrana firenena. Soa ihany fa tokony hametra-pialana anio: J- 0 na Jour J ny filoha Rajoelina satria ho kandidà amin'ny fifidianana ho avy, anio no tokony hanaovam-beloma azy sy ny fitondrany ary tsy tokony ho tafaverina intsony, satria tsy miraharaha ny vahoaka Malagasy sy ny olany. Ankoatra izany, ny Malagasy rahateo, izay tena tia ity tanindrazana iombonana ity sy saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena, dia tsy hanaiky velively ho olon'ny frantsay sy frantsay no mbola hitondra ny firenena. Efa tapitra ny fe-potoana hisian'ny endripanjanahana vaovao ary efa rivotra mitsoka aty amin'ny kaontinanta afrikana izany amin'izao fotoana izao. Ny fanambarana tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina tamin'ity herinandro ity dia efa karazan'ny fanaovam-beloma nataony amin'ireo mpiara-dia aminy,…

*Sôh'son*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Olom-pirenena tsotra Rajoelina manomboka anio

Rehefa avy nanambara tao amin'ny Palais des Sports Mahamasina fa kandidà Rajoelina Andry Nirina dia nametraka ny taratasy firotsahany ho fidiana tao amin'ny Fitsarana Avo momba Lalàmpanorenana (HCC), ny nomeny fahefana amin'izany ka noraisin'ity andrim-panjakana ity satria, angamba, feno sady azo noraisina izany. Raha ny voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana anefa dia raha vao manambara ny maha kandidà azy ny filohan'ny Repoblika am-perinasa dia manala ny tenany amin'izany andraikitra izany ka miverina ho olompirenena tsotra (frantsay raha Rajoelina Andry Nirina amin'izao fotoana izao). Mitombona izany ny sihosihon-dresaka nilaza fa nosoniavin'ny minisitry ny Fitsarana ny taratasy milaza ny fananan-dRajoelina Andry Nirina ny zom-pirenena Malagasy (Certificat de Nationalité). Heverina fa efa fantatry ny ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fisin'izany toe-javatra izany, ka tsy tokony noraisiny ny firotsahan-dRajoelina Andry Nirina satria raha amin'ny famoahana ny lisitr'ireo azo ekena ho kandidà vao hanambara ny ao amin'ity Andrim-panjakana ity fa « Tsy Gasy fa Vazaha izy » ka tsy ho anisan'ny mpifaninana. Efa tsy ara-dalàna izany ka raha mbola hitohy ihany ny bontolo dia azo inoana fa hizotra any amin'ny famerenana ny fahefana ho eo am-pelatanan' ny vahoaka Malagasy nampindrana izany tamin-dRajoelina Andry Nirina vazaha. Efa tsy tambo isaina intsony ny fanitsakitsahan-dalàna sy ny tsy fiarovana ny fiandrianam-pirenena nataon'izao fitondrana izao, feno ny kapoaka satria mandady amin'ny tany ny Malagasy vokatr'izany. Anio sabotsy 09 septambra 2023 ny « teboka tsy azo iverenana intsony » (point de non retour) ka azo inoana fa hitroatra ny Malagasy ary hiredareda ao am-pony indray ny fitiavana ity Tanindrazana ity ary tsy hanaiky ho zanahana olona frantsay iray indray. Toy ireo mpamadika sy nivarotra an'i Madagasikara tamin'ny mpanjanaka ny taona 1947 ireo mbola minia mikimpy ary mivarotra sy mamadika indray ity Nosy ity sy ny Malagasy, ka manohana sy mandrisika ny frantsay ho fidiana indray. Tsapa avy amin'ny fahitana ny fihetsiky ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia heverina fa tsy vahaolana ny fisintonana ny antontantaratasy firotsahan'ireo kandidà 8 nanao fanambarana satria mbola loza no hitranga raha hambaran'ny HCC fa azo ekena ny firotsahan-dRajoelina Andry Nirina. Araka izany dia ho fantatra anio izay ho lazain'ny HCC ary inoana fa tsy handrarak'ilo mby an-doha ny Malagasy tena tia tsy misy fepetra ity Nosy ity, ka hanohitra izany amin'ny fomba rehetra ary hiandry sy hanaraka izay toromarika homen'ireo kandidà tsy manaiky vazaha hitondra ny Firenena Malagasy izany. Inoana ihany koa fa tsy ny eto an-drenivohitra ihany no hanohitra izany fa ny any amin'ny Faritra rehetra izay nofitahin-dRajoelina Andry Nirina rehetra, ka tsy ho latsa-danja noho izay ataon'ny Malagasy any Frantsa amin'ity andro ity. Niaraha-niaina ny zava-doza novolen-dRajoelina Andry Nirina teto amin'ity Firenena Malagasy ity. Nanjanaka nandritra ny enimpolo taona teto Madagasikara i Lafrantsa kanefa niaina ara-dalàna ihany ny Malagasy ary maro ny fotodrafitrasa napetrany na dia nanana endrim-panandevozana tamin'ny alàlan'ny "Smotig" aza ny nanatanterahana izany. Tato anatin'ny folo taona naha teo amin'ny fitondran-dRajoelina Andry Nirina kosa dia fanandevozana niaro fandrobàna ny harem-pirenena sy famitahana ny Malagasy ary fanitsahana ampaladia ny Fiandrianam-pirenena no nasetriny ny fampindraman'ny Malagasy azy ny fahefana. Tsy maintsy hesorina eny amin-dRajoelina Andry Nirina sy ireo tandapa izany fahefana nampindramina azy ireo izany, satria toy ny horirika namonosan-kena izy ireo ka ny fonosin-do, ny mamono lo rahateo.

***Andry Tsiavalona***

Aleo Resahana, Anao ny sehatra.
TV Record

# Ho vahiny voalohany anio ny gazety Ny Valosoa sy ny Free FM




***Izy 3 mianadahy hiseho voalohany amin'ny fandaharana « Aleo Resahana. Anao ny Sehatra. »***

Namokatra fandaharana vaovao ny TV Record Madagasikara, fandaharana halefa isaky ny sabotsy amin'ny 8 ora alina. Izany fandaharana vaovao izany dia nampitondraina ny anarana hoe : " Aleo Resahana . Anao ny Sehatra ". Hivahiny ao anatin'ny fandaharana anio alina ny mpanao gazety Franck Rasamizanany avy amin'ny radio Free FM sy ny mpanao gazety Arphine Rahelisoa mpanao gazety, sady talen'ny famoahana ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Mpanentana ny fandaharana ny mpanao gazety Manohiarivony Rivo Manoa . Ny asa fanaovan-gazety sy ny fifidianana no ho lohahevitra amin'izao fandaharana voalohany izao, fa hisandrahaka amin'ny loha-hevitra sy ny sehatra samy hafa : toekarena, sosialy, sy ny maro hafa ihany koa izany fandaharana izany hoy ny tompon'andraikitra amin'ny fandaharana manaraka ho avy.

***Isambilo***

**Romy Voos Andrianarisoa**

# Nandà ny fiampangana azy, miverina any am-ponja hatramin'ny 6 febroary 2024

Momba ny resaka kolikoly iraisam-pirenena, niakatra fitsarana omaly tany Londres renivohitra Britanika ny raharaha Romy Voos Andrianarisoa, talen'ny kabinetran'ny filoha Andry Rajoelina teo aloha. Toy izao ny fizotran'ny fitsarana omaly io. Tokony ho natao tao amin'ny rihana faha-5 izany raharaha izany tamin'ny 11 Ora. Tamin'ny 10 ora, nampidinina tao amin'ny rihana faha4 efitra faha 9. Nanomboka tamin'ny 11h40 vao teo nanomboka ny fakana am-bavany. Nisy malagasy 50 teo no tonga fa tsy tafiditra daholo tao amin'ny efitra. Nisy avy any Frantsa sy ny ny tao an-toerana : Angletera, nihiaka ny tsy rariny misy aty Madagasikara. Nandritra ny fitsarana, notononina ny vesatra iampangana an'i Romy ary nanontaniana izy raha niaiky fa meloka na tsia. Tsy niaiky ny heloka niampangana azy izy : « I plaid not guilty, » hoy izy nandritra izany.




***Ny sasany amin'ireo Malagasy niatrika ny fitsarana an'i Romy omaly, tany Londres.***

Nomen'ny tribonaly omaly ny daty izay hiatrehany ny fitsarana manaraka dia ny 6 febroary 2024 izay haharitra herinandro. Mandrapahatonga an'io daty io dia hisy ny fifanakalozana ny antontan-taratasy amin'ireo voakasika amin'ity raharaha ity. Noho izany, miverina any amponja ny voampanga hatramin'io datin'ny 6 febroary 2024 io.

***Ny Valosoa***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00

## TONONKALO

### Ampy izay ry ingahy filoha

Ivereno tadidiana ireo rehetra izay nambarany
Tao anaty dimy taona nitondrany firenena,
Dia ho tsapanao daholo fa hay lainga tsisy farany
Izay no hany nisongadina , niampy fandokafan-tena !

'Ndeha jereo ny tetikasa , inona no mba nitsangana ?
Aiza ilay « tanamasoandro » noventesiny an-kabary ?
Ny hany tsapan'ny vahoaka : vidim-piainana midangana
Toy ny vary iray kapoaka lasa valonjato ariary !


Iretsy nosy manodidina izay haverina amin'ny gasy,
Hay dia tena redirédy namitahana vahoaka ,
Fa ilay filoha nivadika ho vazaha an-taratasy,
Izay no tena zava-nisy nampandoa sy nampihoaka !

Iretsy lalana voalaza fa hamboarina sy harenina,
Aiza izao ankehitriny no tsy misy mbola miainga ?
Mandiniha sy mihevera, saino tsara izay tenenina,
Hay tsy anarana entim-poana ilay anao ry Rainilainga !

Ny orinasam-panjakana , miharitra ny mahamay
Fa tena mitsipozipozy sy eo an-dalam-pialana aina,
Izao no mbola hotohizana amin'ny dimy taona indray ?
Sanatria dia sanatria, meteza isika ho tonga saina !

***TSIMIMALO (07-09-23)***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Harena A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW, Michel Rakotobe

**Nitsangana ny biraon'ny FOKTIM tao Ambodisatrana II Sambava faritra Sava. Natao izao hoy ireo mpikatroka TIM hahafahana mampandany ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ny 9 Novambra ho avy izao.**





**Fananganana ny KMMR 2023 tany Toliara faritra Atsimo Andrefana. Ny Solombavambahoaka Mamy Rabenirina sy Randrianarisoa Stanislas no nitarika ny fananganana izany, ka Andriamatoa Rabe Jules no voafidy hitarika ny rafitra.**





**Ramatoa Annick Ratsiraka sy ny antoko Arema, tany Antsiranana sy Anivorana Avaratra faritra Diana.**









## NY TENY FIAINANA

*"Fa tanteraka amin'ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao: tiava ny namanao tahaka ny tenanao."*
***Galatiana 5:14***

### CAN Junior féminin handball - Tunisie 2023

# Ratsy fanombohana ny Akio Malagasy

Nanomboka tamin' ny alakamisy 7 septambra teo any Monastir Tunisie, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alakamisy 14 septambra ho avy izao, ny fifaninanana « CAN Junior féminin de handball 2023» andiany faha-30, izay mifandrindran-dalana amin' ny «CAN Cadets Féminins 2023» andiany faha-19. Mandray anjara amin'ity fifaninanana ity izay nozaraina ao anaty vondrona roa i Tunisie (mpampiantrano), Guinée, R. D. Congo, Angola, Algérie, Egypte, Mali, Madagascar, Côte d'Ivoire ary Kenya, ka ao amin'ny vondrona B miaraka amin'i Algérie, Tunisie, Mali ary Egypte (tompondaka lefitra farany) ny Akio U21 Malagasy. Ratsy fanombohana ny Akio Malagasy tamin'ity fifaninanana ity, satria lavon'i Tonizia mpampiantrano tamin'ny isa somary navesabesatra ihany. Vokadalao andro voalohany 07 septambra 2023 : Guinée 45 – 09 Rdc Congo (Poule A), Tunisie 44 – 11 Madagascar (Poule B). Marihana fa mbola mahery eo amin'ity sokajy ity i Angola tompondaka farany (2022) izay efa nibata im-polo ny amboara amin'ity fifaninanana ity.



*Akio Malagasy any Tunisie.*

**Rainilita**

### CAN 2024

# Nahavita ady sahala 0-0 tamin'i Angola ny Barea

Nahavita nanao ady sahala tamin'ny ekipam-pirenen'i Angola indray, ny Barea de Madagascar, tamin'ny alakamisy 07 septambra tany amin'ny kianja « Stade National de Tundavala » any Lubango Angola, teo amin' ny lalao fifanintsanambondrona andro faha-6 amin'ny «CAN Côte d'Ivoire 2024». Toy ny tamin'ny lalao mandroso nifatrehana tamin'ity ekipam-pirenen'i Angola ity, ka nisarahana ady sahala 1-1 tetsy Mahamasina dia io ady sahala 0-0 indray, no nisarahan'ny roa tonta tany Angola. Toy izao araka izany ny filaharana farany tao amin'ity vondrona E ity : 1°-Ghana (isa 12), 2°-Angola (isa 9), 3°-Rép. Centrafrique (isa 7)n, 4°-Madagascar (isa 3). Ireto avy ireo ekipam-pirenena tafita amin'ity CAN andiany faha-24 ity izay hanomboka amin'ny sabotsy 13 janoary ka hatramin'ny alahady 11 febroary 2024 ho avy izao : 1. Côte d'Ivoire (mpampiantrano), 2. Maroc, 3. Algérie, 4. Afrique du Sud, 5. Sénégal, 6. Burkina Faso, 7. Tunisie, 8. Egypte, 9. Zambie, 10. Guinée Équatoriale, 11. Mali, 12. Cap-Vert, 13. Nigéria , 14. Guinée-Bissau, 15. Guinée, 16. Ghana, 17. Angola. 18. Tanzanie.



*Barea tao amin'ny kianja manarapenitr'i Angola.*

**Rainilita**

### Basket tompondaka nasionaly N1B sy U20

# Natomboka omaly zoma any Mahajanga



*Tompondaka rejionaly Boeny 2023.*

Natomboka omaly zoma 09 septambra 2023 tao amin'ny kianja mitafo (Terrains extérieurs), sy tao amin'ny « Complexe sportif Ampisikina | Mahajanga » Faritra Boeny, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 17 septambra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondaka nasionaly sokajy N1B vehivavy sy sokajy U20 zatovolahy. Anisan'ireo misolo tena ny Faritr'i Boeny amin'izany ny ekipan'ny Ybbc sy Jsb izay tompondakan'ny N1B Dame sy U 20 any Boeny.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Aranany sy atin'akoho ritra indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso, na ro mazava anana petsay miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny sakay pilopilo mena

Ny soa azo avy amin'ny sakay pilopilo mena indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Na masiaka aza ny sakay, misy ireo tombontsloa azo avy aminy amin'ny vatan'olombelona. Ireo otrikaina ao aminy:



-Vitamine A.
-Vitamine C.
-Vitamine B6.
-Vitamine E.
-Vitamine K.
-Fer na vy amin'ny sakafo.
-Cuivre na varahina amin'ny sakafo.
-Manganèse.

Ireo vokatsoa azo avy aminy :
Vitaminina B6: mampitombo sy manatsara ny fiasan'ny sela mena "globule rouge".
Fer sy Cuivre: mampitombo ny hery fiarovana noho ny fisian'ireo ao anatiny.
Manatsara ny fikorian'ny rà ny fihinanana azy.
Mandanjalanja ny tahan'ny siramamy sy kôlesterôly ao anatin'ny rà, sady miaro amin'ny aretin'ny lalan-drà.
Manampy ny vatana hiady amin'ny aretina vokatry ny fidiran'ny mikraoba sy bakteria.
Miaro amin'ny homamiadana na cancer.
Miaro amin'ny aretin'ny fo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Masomeloka distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Masomeloka distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Masomeloka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny dipoavatra, ny jirofo, ny lavanila. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi. Misy mpanjono koa ny mponina any Masomeloka, noho ity tanàna ity voahodidina renirano : ny reniranon'i Mangoro sy ny Lakandranon'i Pangalana. Misy mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina.



FITONDRANA RAJOELINA

## Te ho deraina amin'ny medaly volamena nefa tsy mazava ny volamena very

Voalohany isika tamin'ny medaly volamena azo tamin'ny Lalaon'ny Nosy, ary fahafiry kosa tamin'ny volamena very? Raha ny hita sy tsapa, voalohany koa angamba isika amin'ny fahaverezam-bolamena eto. Nanakoako tato ho ato ny hoe: Voarombaka ny laharana voalohany tamin'ny Lalaon'ny Nosy faha-11 iny, medaly volamena 121 isa no azontsika izay maneho fa tsy ho andro raha ny ara-panatanjahantena no asianteny, nefa tsarovy fa mba tsy hay kosehana ihany koa ny hoe: fotoam-panokafana namoizana olona 13 sy nandratrana olona 80 mahery iny lalao iny. Lasa ranomaso sy alahelo teo am-piandohana izay toy ny tsy nisy taty am-pamaranana tao anaty ranon'orana hafa kely. Nalaza tokoa isika tamin'ny fandrombahana medaly volamena hoy ny rehetra, nefa mba aiza ho aiza ny lazantsika amin'ity volamena very mivoaka etsy sy eroa ity? medaly inona, laharana fahafiry ireny 73kg very ireny na ireo mivadika vy fotsy any anaty birao ireny fotsiny ohatra.

Marihina fa foto-karena tokoa ny volamena, nefa mbola maro tsy tambo isaina, ireo mpanodinkodina, mahay mamoaka azy ireny manerana ireo seranana, maika hameno paosy fotsiny eny hatrany, nefa tsy mba voasazy araka ny tokony ho izy akory. Hita sy tsapa hoy ny maro fa raha olon-kafa tokoa no lany ho filoham-panjakana eo, dia ho very fihinanana ry zalahy, ary ny fanadihadiana ireny foto-karena ireny no jereny mialoha, ka matahotra ireto mpiara-dia amin-dRajoelina raha mitsingidina eo izy ireo, ary ho hita mazava eo izay nafenina hatramin'izay, toy ny Bonbon sucette, écrans plats, ny volan'ny Covid19, sns...

Nalaza arak' izany, fa ny Vola omena dia ny omaly tsy niova hatrany, tsy azo ireo anjara sahaza ny tsirairay, karama, tambin-karama, vola fanampiana, ka tsy mitsaha-mitombo ireo fitokonana, grevy, manampy trotraka sahady koa ny hofan'ireo fiara fitaterana nofaina tamin'iny lalaon'iny Lalaon'ny Nosy iny, izay porofo mazava avokoa ny tsy fahaiza-mitondra firenena, te-ho deraina amin'ny fitokanana fanaony, nefa very laza amin'ny fitokonana izay mitranga, ary te-ho deraina amin'ny hoe: volamena , nefa tsy mazava amin'izay Vola omena. Medaly inona no azontsika raha izao laharana eran-tany misy antsika izao no jerena, faha-5 avy any amin'ny farany?

**Beharo**

Radio Fahazavana

## 13 taona lasa izay no nanagadrana ireo mpiasa 10 tao aminy



*Ireo mpanao gazetin'ny Radio Fahazavana nogadrain'ny fitondrana Rajoelina tamin'izany fotoana.*

Nitsingerina omaly ny andro nivoahan'ireo mpanao gazetin'ny Radio Fahazavana ny fonja, izay nogadrain-dRajoelina sy ny Praiminisitra tamin' izany, Camille Vital. Ity farany mantsy no nisolotena ny fanjakana niampanga sy nitory ireo mpiasa 10 mianadahy ny andron'ny 20 Mey 2010. Nampiasaina natao fitaovana tamin'izany ny minisitry ny serasera tamin' izany fotoana izany. Rehefa nosamboriny izy ireo io andro io, dia nentina teny amin'ny BC Anosy ary notanana teny nandritry ny valo (8) andro, izay tena tsy araka ny lalàna izany. Avy eo dia nampidirina am-ponja teny amin' ny fonjan'Antanimora nandritry ny 3 volana nga-rangidiny, ary ny 08 Septambra 2010 no navoaka ny fonja. Nanao ny asany anefa ireo olona ireo amin'ny mahampanao gazety azy, fa tsy noraharahian'ny fitondrana tetezamitan-dRajoelina. Ireo no mpanao gazety maro indrindra nogadrain'i Andry Rajoelina, mpanao gazetin'ny fiangonana. Ny antony tsy nanaiky ny fanonganam-panjakana ary niaro ny ara-dalàna izy ireo, dia ny fitondrana nofidian'ny vahoaka tamin' ny fomba ara-dalàna. Ankoatra ny fiharetana mafy nandritry ny havaloana tao amin'ny violon- ny BC Anosy, tanaty toerana tery dia tery sy naloto, hazo amin'izao fotsiny tsy nisy kidoro no natoriana tao anatin'izany, dia niharetana ihany koa ny nitranga teny amin'ny fonja. Tsy adino mandrakizao ny vavan'ilay procureur vehivavy avy naka am-bavany azy ireo hoe: "tsy ho tafavoaka eny ianareo raha tsy Andriamanitra irery ihany". Ninina nikimpy sy nanaiky natao fitaovan'ny fitondrana tetezamita mpanongam-panjakana ny fitsarana tamin'izany. Tsy adino, fa toy ny vao omaly izany rehetra izany, sy ny nitranga teny Antanimora. Ny fanaraha-maso azy 10 mianadahy raha vao mihetsika kely teny amin'ny fonja, hatramin'ny fanaovana fotoambavaka aza dia akaiky ary nisy toerana norarana tsy nahazoan'izy ireo nanao izany intsony. Manoatra noho ireo nahavita heloka bevava na "criminel". Izany rehetra izany dia naneho ny hetraketraka nataon-dRajoelina sy ekipany mpanongam-panjakana rehetra. Efa tamin'izany no naseho izany ary mbola mitohy hita taratra mandraka ankehitriny, raha nisy ireo namana hafa mpanao gazety nosamborina taty aoriana rehefa tonga teo amin'ny fitondrana ny tenany nanomboka ny taona 2018. Efa tany amin'ny 13 taona lasa no hita taratra izany toetrany izany kanefa mbola niniana nikimpian'ny sasany ihany ny nifidy azy taty amin'ny taona 2018. Hadisoana bevava natao amin'ny firenena izany ary hadisoana ho an'ireo mbola hifidy azy amin'ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity.

**Sôh'son**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

## Mila haverina ny fanomezan-kasina ny aina

Anisan'ny toe-javatra mampalahelo tanteraka ankehitriny ny tsy firahirahiana intsony ny aina. Iaraha-mahita sy mandre hatrany ny zava-mitranga isan'andro noho ny tsy fandriampahalemana. Andriamanitra anefa dia tena mitsinjo izany ary manome lanja ny aina. Maneho izany, ohatra ny fialàny nenina mialoha ny nandoroana an'i Sodoma sy Gomora. Zava-dehibe amin'ny Tompon'ny aina ny aina nomeny ny olombelona. Mazava loatra fa tena miàla amin'izany sori-dalana nataon'Andriamanitra izany ny zava-misy iainana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Manjaka ny habibiana amin'ny asan-jiolahy sy dahalo amin'ny famonoana ireo mpiray tanindrazana tsy manan-tsiny tafihany. Tsy misy intsony ny fanomezan-kasina ny maha olona, ary takona tanteraka ny lanja ambony amin'ny toerana nomena ny fanahy, ka nosihosena ilay fahendrena malagasy hoe "ny fanahy no olona".

Midika fahasimban'ny firenena ankehitriny izao miseho izao, ka mila arenina maika izany, fa tsy izany akory no hatao holovain'ny taranaka fara aman-dimby. Mila omena hasina ny maha olombelona. Raha tsy voahaja izany dia ho toy izao hatrany no iainantsika eto, ary ho potika ny firenena. I Madagasikara anefa dia manana ny maha izy azy ary afaka tsara ny hanana ny maha izy azy raha misy ny vahaolana sy ny ezaka atao. Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia manana tanjona lehibe izay efa anaty programany ny amin'ny fitsinjovana sy fanomezan-kasina ny olombelona tsirairay izay. Fantany mantsy, fa ny olombelona no harena voalohany eto amin'ity firenena ity izay vao ireo harembe miotrika eo aminy. Tsy misy afa-tsy ny Malagasy ihany no hahatafarina ity firenena ity. Manana ny paik'ady amin'izany ny AFK ary miandry ny olom-pirenena vonona hiara-hientana sy hiara-hiasa aminy. Tsiahivina hatrany, fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

**Aris**

Federation Malagasy de VolleyBall

## Nahazo filoha vaovao ny FMVB

Nahazo filoha vaovao dia Ramatoa Raharimalala Léa ny Federasion'ny taranja volleyball eto Madagasikara. Tamin'ny talata 6 septambra 2023 tetsy amin'ny « Palais des sports Mahamasina », no tontosa tao anatin'ny AGE ny fifidianana natao, izay nandraisan'ireo ligy miisa 14 amin'ireo 16 mpikambana ao amin'ny federasiona, (tsy nandray anjara ny ligin'ny volley-ball Ihorombe sy Anôsy noho ny tsy fananan'izy ireo « certificat de conformité »), ka nahitana Kandidà roa nifaninana (Ranaivoson Mamy filoha lefitra sy filoha « par intérim » ny FMVB sy Raharimalala Léa filohany LRVB Analamanga teo aloha). Tamin'ny vato 8 noho 5 no nahalany an'ity filoha vaovao ity, izay efa nilomano tao anatin'ity taranja ity nandritra ny 48 taona, hitantanana ny FMVB mandritra ny 4 taona, nifaninana tamin'ity fifidianana ity izay. Nanambara izy tamin'ny teny voalohany nataony taorianan'ny nahalany azy, fa ny fitantanana mangarahara sy fitiliana ny « jeunes talents » eny anivon'ny Faritra rehetra eto Madagasikara ary ny fanohizana ny fizarana an'ireo fitaovana sy fanampiana « subvention » an'ireo ligim-paritry ny volley-ball mandray ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madgasikara, no vaindohan-draharaha voalohany hataon'ny ekipa vaovao ho tantanany. Nambarany ihany koa, fa haloan'ny Federation tarihany avokoa manomboka eto ny saram-pitaterana sy ny fampiantranoana an'ireo ekipa handray anjara amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja volleyball ary hatao «systématique » ihany koa ny fikarakarana « championnat des jeunes U12, U14, U16, U18 ary U 20). Ireo mpikambana vaovao ao amin'ny FMVB : Filoha : Raharimalala Léa, Filoha lefitra : Evah Hasina Rasoamanana, SG : Hajatiana Fetison Raharinjoelina, SG lefitra : Nirina Lala Raharisoa, Mpitam-bola : Lanto Lalasahondra Ratsimbazafy, Mpitam-bola lefitra : Mick Jagger Randriamiarinoro, Mpanolontsaina : Floritz Tahiriniaina Rasamimanana, Firaisaniaina Randriamanana sy Louis José Razakandraibe.

**Rainilita**



*Raharimalala Léa teny amin'ny Palais des sports Mahamasina.*

Forum national mini-basket

## Roa andro etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina

Mandritra ny 2 andro, ny 8 sy 9 septambra 2023, etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, no hanatanterahina ny atrikasa Nasionaly : « Forum national mini-basket », natokana hoan' ny mpilalao zandriny latsaky ny 12 taona, amin'ny alalan'ny fampianarana sy fampiofanana hoan' ireo Klioba sy Mpanazatra U12. Tonga nanokatra ny fotoana ny Filoha Lefitra ny FMBB notronin'ireo mpikambana avy amin'ny Kaomisiona " Mini-basket" avy eo anivon'ny Federasiona. Mpanazatra hatrany amin'ny 63 isa avy amina Ligim-paritra miisa 11, no mandray anjara amin'ity atrikasa ity.

**Rainilita**



*« Forum National Mini-basket ».*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**09/09/2023 hatramin'ny 16/09/2023**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1471-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FOIRE INTERNATIONALE DE L'AGRICULTURE ANDIANY FAHA-5**

# Hatao ny 21 ka hatramin'ny 24 septambra eny Tanjombato




*Ireo anisan'ny mpikarakara ny FIA 2023.*


Maherin'ny 400 ireo tranoeva handray anjara amin'ny hetsika ara-barotra Fia (Foire internationale de l'agriculture, de l'elevage et de la pêche) hotanterahina etsy amin'ny tokontany malalaky ny “Expo Forello” Tanjombato, ny 21 Septambra 2023 ka hatramin'ny 24 Septambra 2023 ho avy izao. Hetsika ara-barotra izay karakarain'ny Hazovato Forello ahitana ny vokatra sy tolotr'asa ary sangan'asan'ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono. Nanazava Ramatoa Ramanantsoa Harilala tompon'andraikitry ny serasera ao amin'ny Hazovato Forello, fa ahitana atrikasa sy fanofanana miisa 60 ny Fia, hahafahan'ny mpisehatra sy ny mpitsidika mahazo ny tsara ho fantatra momban'ny fivoaran'ny sehatr'asa fambolena sy ny fiompiana eto Madagasikara. Nanohy fanazavana ny mpikarakara, fa hampiavaka ny hetsika “Fia” andiany faha-5 ny fanomezana lanja ny sehatr'asa “Agro-Industrielle” hataon'ireo vovonan'ny fikambanana mpianatra avy eny amin'ny sekoly ambony Votovorona, Oniversite Antananarivo ary hohamafisina ny traikefan'ireo Injeniera sy ny mpandraharaha amin'ny tontolon'ny “Agro-Industriel”. Nanamafy Ramatoa Ramanantsoa Harilala, fa hizara 3 lehibe ny hetsika “Fia”, izay ahitana ny ivontoerana natokana ho an'ny fambolena ary hiavaka ihany koa ny ivontoerana natokana ho an'ny fiompiana sy ny jono, mba samy hanana ny anjara tandrify azy ny mpitsidika tsiraisay ary nanamafy ny mpikarakara, fa hisy ny tsenaben'ny tantsaha miaraka amin'ny fampirantina an'ireo fampitaovana isan-karazany hoentina hanatsarana ny fahaizamanao ananan'ireo tantsaha avy amin'ny faritra 23. Nanambara ny tompon'andraikitry ny Hazovato Forello, fa hisongadina mandritra ny hetsika ny “Espace Eco-responsable”, natokana ho an'ireo orinasa manome vahana ny fikajiana ny tontolo iainana, hisy ihany koa ny fampahafantarana ny tolotr'asa “Guichet unique Agricole” hoentina hanampiana ny mpisehatra amin'ny fambolena sy ny fiompiana amin'ny fandraharahana izay ataon'izy ireo. Tsy adino ireo “Pavillons” ahitana vokatra ara-boajanahary “Bio”; ny “Cacao”… Ny “Espace Food courts” ho an'ny mpitsidika mitady sakafo vokatry ny tany. Tsiahivina fa ireo mpandraharaha matihanina sy ny ireo olona manam-paniriana hampiasa vola amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana, no voakasiky ny hetsika ara-barotra “Fia” ary tsy hatao ambanin-javatra ny fanentanana an'ireo tanora hisehatra bebe kokoa amin'ny fampiroboroboana ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono. Miisa 2200 ny mpitsidika andrasana mandritra ny hetsika “Foire internationale de l'agriculture” andiany faha 5 ary nampivory ny mpandray anjara rehetra ny mpiandraikitra eo anivon'ny “Hazovato Forello” omaly Zoma maraina, nanome ny toromarika sy ny tsara ho fantatra, mba hampitoviana ny tadin-dokangan'ireto farany mandritra ny 4 andro hanatanterahana ny “Fia”.

***Franck Razakambelo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 442**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0441)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

## TENY MIFANAPAKA N° 442




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

### Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana **2.** Osy - Inona **3.** Katolika **4.** Akany - MD **5.** Nay - Maody **6.** Ianao (miv) - Lahy **7.** Naoty **8.** Alimo (miv) - Nino **9.** Nono - Fa - Ar **10.** Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Asa - AA - Mor(a) **D.** Nitaingina **E.** OK - Lo **F.** Milamina **G.** Enina - Fo **H.** Zokiolona **I.** Ana - Daty **J.** Na - Mihinan(a) **K.** TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fihaonana voalohany sy fifankahafantarana ary fandaminan'asa, teo amin'ireo tompon'andraikitra : DISTIM - COMTIM - Vehivavy- Tanora TIM, sy ireo birao ary mpanolontsaina KMMR 2023 Toamasina.**













**Fandaharana vaovao ao amin'ny TV Record Madagasikara Aleo Resahana . Anao ny Sehatra ". Vahinin'i Manohiarivony Rivo voalohany ny mpanao gazetin'ny Ny Valosoa, i Arphine, sy ny Free FM, i Franck.**







**Ny fananganana ny KMMR tany Toliara faritra Atsimo Andrefana.**



